


DEREK PRINCE MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny maha-zava-dehibe ny Fanasan’ny Tompo

Mandresy an'i Satana aho amin'ny alalan'ny ran'ny Zanak'ondry sy ny teny fanambarako, ary tsy tia ny aiko aho na dia hatramin'ny fahafatesana aza.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Nomarihintsika fa ao amin’ny ra ny aina (jereo ny Levitikosy 17:11). Raha irintsika ny aina, dia tsy maintsy ampifandraisintsika ny ra. Manao izany isika amin'ny fandraisana ny Fiombonana, ary amin'ny alalan'ny teny fijoroanao ho vavolombelona.

Amiko, dia lasa zava-dehibe tokoa io resaka fandraisana Fiombonana io. Nanonona an’i Jesosy i Paoly ao amin’ny 1 Korintiana 11:25, manao hoe:

> "Izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy, na oviana na oviana no misotro ianareo."

Fiangonana maro no mihevitra fa milaza izany hoe: “Mahalana raha manao izany ianareo.” Ny sasany amin'ireo fotoam-pivavahana tsara tarehy indrindra natrehiko hatrizay dia ny fanompoam-pivavahana Fiombonana litorzika; tena tsara tarehy izy ireo satria nitana izany zava-misy izany.

Indray mandeha, izaho,sy i Ruth, vadiko, dia tonga tamin’ny fanatsoahan-kevitra fa tsy nandray Fiombonana matetika araka ny tokony ho izy isika. Tamin’ny naha pretra tao an-tranonay, dia nanapa-kevitra aho fa hanao Fiombonana isa-maraina mandritra ny fotoana hiarahanay amin’ny Tompo. Tsy milaza aho hoe tokony hanao an’izany ny Kristiana rehetra, fa feno fankasitrahana aho fa nanao izany izahay. Mety ho nahatsapa izahay fa nisy zavatra niala tamin'ny fiainanay raha nataonay ambanin-javatra izany.

Isan'andro, rehefa nandray ny Fiombonana izahay, dia nilaza hoe: ‘’Tompo ô, raisinay ho Nofonao ity mofo ity, ary ho Ranao ity divay ity.’’ Te hanao izany, amin’ny fomba, tsotra , sy voafaritra tsara aho, manao hoe: “Tompo ô, manao izao ho fahatsiarovana Anao izahay; ny Fahafatesanao no ambaranay mandra-Piavinao.’’ Ao amin'ny Fiombonana, dia tsy manana lasa isika fa ny hazo fijaliana, tsy misy ho avy fa ny ho tonga. Manao izany ho fahatsiarovana ny hazo fijaliana isika mandra-piavin’i Jesosy. Aoka izany hanery antsika handinika raha tena mampiasa ny tenantsika amin’ny aina ao amin’ny ra isika.

© 2008 - Dries Du Plessis

Misaotra Anao, Tompo ô , noho ny amin’ny ran’ny Zanak’ondry. Manararaotra ny tenako ao amin’ny ra aho amin’ny alalan’ny Fiombonana, ary manambara aho fa naharesy an’i Satana aho noho ny amin’ny ran’ny Zanak’ondry sy ny teny fijoroako ho vavolombelona aho, ary tsy tia ny aiko aho na dia ho faty aza, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-074-MLG

Nohavaozina farany: 06 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

